# LITORJIA KOMINIONA MASINA

# HOLY COMMUNION LITURGY

*Please note that the English version in part uses sections from the Episcopal Church's Book of Common Prayer rather than being a direct translation of the Malagasy.*

*The page numbers are the same as in the Diocesan Liturgy for Morning & Evening Prayer and Holy Communion. This is why this booklet starts on page 16 and not page 1.*

*If you choose to print this pdf, we suggest you print it as a booklet with the Malagasy page 16 on the left side, and the English page 16 on the right side. This should make it easy to participate in the service.*

# KOMINIONA MASINA

1. **HIRA FIDERANA**

2.. **FIARAHABANA SY TENY FAMPIDIRANA (**Fiarahabana araka izay heverin'ny Mpitarika ho mety na araka ny fomba mahazatra azy avy: *akory aby, salama aby, sns...*)

3. **FIANTSOANA** *(Azo ampiasaina ireto teny manaraka ireto)*

*(Raha Andavanandro)*

a) Eveka/Presbytera: Derao ny Tompo

**Ny Rehetra: Amena**

*Na*

b) Eveka/Presbytera: Miderà ny Tompo fa tsara Izy

**Ny Rehetra: Mandrakizay ny famindrampony**

*Na*

c) Eveka/Presbytera: Fa na aiza na aiza no iangonan'ny 3oan a telo amin'ny Anarany

**Ny Rehetra: Eo afovoany ny Tompo**

*Na*

d) Eveka/Presbytera: Isaorana anie ny Anaran'ny Tompo

**Ny Rehetra: Hatramin'izao ka ho mandrakizay**

*Na*

e) Eveka/Presbytera: Hatramin'ny fiposahan'ny masoandro ka hatramin'ny filentehany

**Ny Rehetra: Hoderaina anie ny anaran'ny Tompo**

*(Amin'ny Krismasy)*

f) Eveka/Presbytera: Mpamonjy no teraka ho antsika. Haleloia! Haleloia! Haleloia

**Ny Rehetra: Amintsika Andriamanitra. Haleloia! Haleloia! Haleloia!**



# HOLY COMMUNION

1. **SONG OF PRAISE**

2.. **GREETINGS AND INTRODUCTIONS** (Greetings as the Leader deems appropriate or according to their own custom: *akory aby, salama aby,* etc...)

3. **CALL TO WORSHIP**(The following words can be used)

*(In Ordinary Time)*

a) Bishop/Priest: Praise the Lord

**All: Amen**

*Or*

b) Bishop/Priest: Praise the Lord for He is good.

**All: His mercy endures forever.**

*Or*

c) Bishop/Priest: Wherever two or three are gathered in His Name

**All: The Lord is in the midst of them**

*Or*

d) Bishop/Priest: Blessed be the Name of the Lord.

**All: From this time forth for evermore.**

*Or*

e) Bishop/Priest: From sunrise to sunset

**All: Praise be to the name of the Lord.**

*(At Christmas)*

f) Bishop/Priest: A Savior is born for us. Hallelujah! Hallelujah! Hallelujah

**All: Emmanuel, God is with us. Hallelujah! Hallelujah! Hallelujah!**

*Na*

g) Eveka/Presbytera: Zaza no teraka ho antsika. Haleloia! Haleloia! Haleloia!

**Ny Rehetra: Zazalahy no nomeny antsika. Haleloia! Haleloia! Haleloia!**

*(Amin'ny Paska)*

h) Eveka/Presbytera: Efa nitsangana Izy. Haleloia! Haleloia! Haleloia!

**Ny Rehetra: Efa nitsangana marina tokoa ny Tompo. Haleloia! Haleloia! Haleloia!**

*Na*

i) Eveka/Presbytera: Velona ny Tompo! Haleloia! Haleloia! Haleloia!

**Ny Rehetra: Velona marina tokoa Izy Haleloia! Haleloia! Haleloia!**

*(Amin'ny Pentekosta)*

j) Eveka/Presbytera: Raiso ny Fanahy Masina

**Ny Rehetra: Isaorana anie ny Tompo**

*Na*

k) Eveka/Presbytera: Handrotsaka ny Fanahiko amin'ny nofo rehetra Aho

**Ny Rehetra: Aoka anie ho tonga aminay araka ny Tenina**

4. Eveka/Presbytera: Ho aminareo rehetra anie ny fahasoavan' i Jesoa Kristy Tompontsika sy ny fitiavan' Andriamanitra ary ny fmpiraisana avy amin 'ny Fanahy Masina.

**Ny Rehetra: Ary homba ny Fanahinao.**

**5.** Eveka/Presbytera: Aoka isika hiomana amin' izao fanaovana sy fankalazana ny Eokarista Masina izao.

*(Mandohalika)*

**Ny Rehetra: ANDRIAMANITRA mamindra fo ô; atongilano amin'ny famindramponao ny sofinao ka henoy ny fitarainanay ary hazavao amin'ny Fanahy Masina**



*Or*

g) Bishop/Priest: A child is born to us. Hallelujah! Hallelujah! Hallelujah!

**All: He has given us a son. Hallelujah! Hallelujah! Hallelujah!**

*(At Easter)*

h) Bishop/Priest: He is risen. Hallelujah! Hallelujah! Hallelujah!

**All: He is risen indeed. Hallelujah! Hallelujah! Hallelujah!**

*Or*

i) Bishop/Priest: The Lord lives! Hallelujah! Hallelujah! Hallelujah!

**All: He is truly alive Hallelujah! Hallelujah! Hallelujah!**

*(At Pentecost)*

j) Bishop/Priest: Receive the Holy Spirit

**All: Thank you, Lord**

*Or*

k) Bishop/Priest: I will pour out my Spirit on all flesh

**All: May the Spirit come to us according to His Word.**

4. Bishop/Priest: The grace of our Lord Jesus Christ, the love of God, and the communion of the Holy Spirit be with you all

**All: And also with you.**

**5.** Bishop/Priest: Let us prepare for this celebration of the Holy Eucharist.

*(Kneel, if possible)*

**All: Merciful God; incline your ear in your mercy and hear our cry and enlighten us with your Holy Spirit, .**

**ny fonay mba hahazoanay manolotra izao zava-miafina Masina sy Lehibe izao ; ary aoka ho tia Azy amin'ny fitiavana mandrakizay izahay.**

*Na*

**Ny Rehetra: ANDRIAMANITRA Tsitoha ô, ny fon'ny olona rehetra dia miharihary Aminao ny faniriany rehetra dia fantatrao ary tsy misy miafina Aminao. Diovy amin'ny fanoloran-tsain'ny Fanahinao Masina ny hevitry ny fonay mba ho tia Anao tokoa izahay ary hankalaza ny Anaranao Masina araka izay mety amin'ny alalan'I Kristy Tomponay . Amena.**

**6. DIDY FOLO** (*amin' ny vanim- potoana adventa sy fotoam-pifadiana).*

*7*. **NY KYRIE: Tompo ô, mamindra fo aminay (3x)**
**Kristy ô, mamindra fo aminay (3x)**
**Tompo ô, mamindra fo aminay (3x)**

8**. FIEKEN-KELOKA**

*(Azo ifantenana ny iray na mihoatra amin'ireto teny fampiononana ireto)*

Eveka/Presbytera: Hoy ny TOMPO, MANKANESA aty Amiko ianareo rehetra izay miasa fatratra sy mavesatra entana, fa Izaho hanome anareo fitsaharana.

*Na*

Toy izao no nitiavan'Andriamanitra an'izao tontolo izao, nomeny ny zanany Lahitokana, mba tsy ho very zay rehetra mino Azy fa hanana ny fiainana mandrakizay.

*Na*

Mahatoky ka tokony hekena amin'ny fankasitrahana rehetra izao teny izao: tonga tety ambonin'ny tany i Kristy Jesoa hamonjy ny mpanota.

*Na*

Raha misy manota dia manana solovava ao amin'ny Ray isika, dia i Jesoa Kristy ilay marina, ary Izy no avotra noho ny fahotantsika.

*Na*

Raha ny ratsy fanahy miala amin'ny faharatsiana nataony, ka manao izay marina sy mahitsy dia hovelomina ny fanahiny.

*Na*



**so that we may offer this Holy and Great Mystery; and we may love him with an everlasting love.**

*Or*

**All: Almighty God, to you all hearts are open, all desires known, and from you no secrets are hid: Cleanse the thoughts of our hearts by the inspiration of your Holy Spirit, that we may perfectly love you, and worthily magnify your holy Name; through Christ our Lord. Amen.**

**6. TEN COMMANDMENTS** (during the seasons of Advent and Lent).

*7*. **KYRIE ELEISON: Lord, have mercy (3x)**
**Christ, have mercy (3x)**
**Lord, have mercy (3x)**

8**. WORDS OF COMFORT**

*((You may choose one or more of these words of comfort))*

Bishop/Priest: The LORD says, come to me, all you who labor and are heavy laden, and I will give you rest.

*Or*

For God so loved the world that he gave his only begotten Son, that whoever believes in him shall not perish but have eternal life.

*Or*

This saying is trustworthy and worthy of all acceptance: Christ Jesus came into the world to save sinners.

*Or*

If anyone sins, we have an advocate with the Father, Jesus Christ the righteous, and He is the propitiation for our sins.

*Or*

If the wicked turn from his wickedness and do what is just and right, he will live.

*Or*

Tsaroako ny fahadisoako ary eo anatrehako mandrakariva ny fahotako.

*Sy*

KOA aoka isika hiaiky ny fahotantsika amin'ny fibebahana sy ny finoana, ka ho vonona hitandrina ny didin'Andriamanitra hiaina amin'ny fitiavana sy amin'ny fihavanana amin'ny olona rehetra.

9**. FIFONANA**

**Ny Rehetra:** (*mandohalika*)

**ANDRIAMANITRA Tsitoha o, Rain'i Jesoa Krsty Tomponay mpanao ny zavatra rehetra ary mpitsara ny olona rehetra. Malahelo izahay ka miaiky ny fahotanay sy ny helokay maro samihafa izay efa nanoheranay Anao matetika, tamin'ny hevitra sy ny teny ary ny atao ka nampirehitra ny fahatezeranao sy ny fahaviniranao marina taminay. Mibebaka marina tokoa izahay noho ireo haratsianay ireo, mampahory anay ny fahatsiarovanay azy, tsy zakanay ny fahavesarany , mamindra fo aminay, mamindra fo aminay , Ray mamindra fo indrindra o , mamela ny helokay rehetra nataonay tamin'ny lasa noho ny fitiavanao an'i Jesoa Kristy Tomponay. Ary hatramin'izao dia aoka izahay hanompo Anao mandrakariva amin 'ny fitondran-tena ankasitrahanao ho voninahitra sy Lazan'ny Anaranao amin'ny alalan'i Jesoa Kristy Tomponay. Amena**

**10. FAMELAN-KELOKA**

Eveka/Presbytera: ANDRIAMANITRA Tsitoha, Mpamela heloka izay rehetra mibebaka marina, hamindra fo aminareo anie Izy, hamela sy hanafaka anareo amin'ny helokareo rehetra, hanampy sy hanatanjaka anareo amin'ny fahatsarana rehetra, ary hiaro anareo amin'ny fiainana mandrakizay. Amena

**11. GLORIA sy/na HIRA FIDERANA (***araka ny vanim-potoana).*

**Ny Rehetra: VONINAHITRA ho an'Andriamanitra any amin'ny Avo indrindra, Ary fiadanana ho ambonin'ny tany, ary fankasitrahana ho an'ny olona anie, Midera Anao izahay, Misaotra Anao izahay, Mitsaoka Anao izahay, Mankalaza Anao izahay, Misaotra Anao noho ny voninahitrao lehibe izahay, Andriamanitra Tompo ô, Mpanjaka any an-danitra. Andriamanitra Ray Tsitoha. Tompo ô, Jesoa Kristy, Zanaka Lahy tokana, Andriamanitra Tompo ô, Zanak'ondrin'Andriamanitra, Zanaky ny Ray. Izay manaisotra ny fahotan'izao tontolo izao, mamindra fo aminay. Ianao izay manaisotra ny fahotan'izao tontolo izao, mamindra fo aminay. Ianao izay manaisotra ny fahotan'izao tontolo izao, raiso ny fivavahanay. Ianao izay**



I remember my mistakes and my sins are always before me.

*And*

Let us also confess our sins in repentance and faith, and be willing to keep God's commandments to live in love and peace with all people.

9**. CONFESSION**

**All:** (kneel, if possible)

**Most merciful God, we confess that we have sinned against you in thought, word, and deed, by what we have done, and by what we have left undone. We have not loved you with our whole heart; we have not loved our neighbors as ourselves. We are truly sorry and we humbly repent. For the sake of your Son Jesus Christ, have mercy on us and forgive us; that we may delight in your will, and walk in your ways, to the glory of your Name. Amen.**

**10. ABSOLUTION**

Bishop/Priest: Almighty God have mercy on you, forgive you all your sins through our Lord Jesus Christ, strengthen you in all goodness, and by the power of the Holy Spirit keep you in eternal life. Amen.

**11. GLORIA and/or SONGS OF PRAISE** *(according to the season)*

**All: Glory to God in the highest, and peace to his people on earth.**

**Lord God, heavenly King, almighty God and Father, we worship you, we give you thanks, we praise you for your glory.**

**Lord Jesus Christ, only Son of the Father, Lord God, Lamb of God, you take away the sin of the world: have mercy on us; you are seated at the right hand of the Father: receive our prayer.**

**mipetraka eo ankavanan'Andriamanitra Ray, mamindra fo aminay. Ianao irery ihany no Masina, Ianao irery ihany no Tompo, Ianao irery ihany no Kristy ô, mbamin'ny Fanahy Masina no Avo indrindra amin'ny voninahitr'Andriamanitra Ray. Amena.**

**12. NY KOLEKTA**

Presbytera: Homba anareo anie ny Tompo

**Ny Rehetra: Ary homba ny Fanahinao**

Presbytera: Aoka isika hivavaka

## NY TENIN'ANDRIAMANITRA *(Mipetraka)*

*(Alohan'ny famakiana teny)*
Ny mpamaky teny : Ny Tenin'Andriamanitra avy amin'ny Testamenta Taloha/Epistily dia nalaina avy amin'ny... toko faha… miantomboka amin'ny andininy faha… hatramin'ny…
*(Aorian'ny famakiana teny)*
Mpamaky teny : Izany no Tenin'ny Tompo.
**Ny Rehetra: Isaorana anie Andriamanitra**

**13. TESTAMENTA TALOHA**

**14. SALAMO** (*Hiraina na tononina(mifamaly/miaraka) na vakina*) **NA HIRA**

**15. EPISTILY**

**16. HIRA (GRADOALY)**

**17. NY FILAZANTSARA MASINA**

Ministera: Homba anareo anie ny Tompo

**Ny Rehetra: Ary homba ny Fanahinao**

Ministera: Ny Filazantsara Masina dia nalaina avy amin'ny Filazantsara araka an'i........... amin'ny toko faha..........miatomboka amin'ny andinin'ny faha........

**Ny Rehetra: Voninahitra anie ho Anao ry Tompo ô**



**For you alone are the Holy One, you alone are the Lord, you alone are the Most High, Jesus Christ, with the Holy Spirit, in the glory of God the Father. Amen.**

**12. THE COLLECT**

Priest: The Lord be with you.

**All: And also with you.**

Priest: Let us pray

## THE MINISTRY OF THE WORD *(please sit)*

*(Introduction to each reading)*
The reader: The Word of God from the Old Testament/Epistle is taken from.................. chapter... beginning with verse... to verse ...
*(After the reading)*
Reader: This is the Word of the Lord.
**All: Thanks be to God.**

**13. OLD TESTAMENT**

**14. PSALM** (*Sing or recite - responsively or together or read)* **OR SONG**

**15. EPISTLE**

**16. SONG (GRADUAL)**

**17. THE HOLY GOSPEL**

Minister: May the Lord be with you.

**All: And also with you**

Minister: The Holy Gospel is taken from the Gospel according to............... chapter..........beginning with verse........

**All: Glory to You, Lord Christ.**

*Na*

**Hira (Haleloia)**

(Rehefa voavaky ny Filazantsara)

Ny Klergy: Izany no Filazantsara masin' i KRISTY.

**Ny Rehetra: Isaorana anie Ianao ry Tompo ô noho izany Filazantsaranao Masina izany.**

*Na*

**HIRA (Haleloia)**

**18. AZO ATAO NY HIRA MIALOHA NY TORITENY**

**19. TORITENY** *(Mitsangana ny olona rehetra.)*

Mpitoriteny: *(Atao aloha sy aorian'ny Toriteny)* Amin'ny Anaran'ny Ray sy Zanaka ary ny Fanahy Masina

**Ny Rehetra: Amena.**

*Na* **Vavaka**

***20.* FISAINTSAINANA NY TORITENY NA HIRA**

**21. FOTO-PINOANA NIKEANA**

**Izaho mino an'Andriamanitra Tokana, Ray Tsitoha nahary ny lanitra sy ny tany, ary ny zavatra rehetra na ny hita na ny tsy hita.**

**Izaho mino an'i Jesoa Kristy Tompo tokana, Zanaka Lahy tokan'Andriamanitra. Teraky ny Rainy talohan'izao rehetra izao. Andriamanitra avy amin'Andriamanitra. Fahazavana avy amin'ny fahazavana, Andriamanitra marina avy amin'Andriamanitra marina, nateraka fa tsy natao, Miray fomba amin'ny Ray, Izy no nahariana izao rehetra izao. Nidina avy any an-danitra ho antsika olombelona sy ho famonjena antsika, ary tonga nofo tao amin'i Maria Virjina noho ny herin'ny Fanahy Masina, ka tonga olombelona. Nohomboana tamin'ny Hazo Fijaliana ho antsika tamin'ny andron'i Pontio Pilato, nijaly ary nalevina. Nitsangana velona tamin'ny andro fahatelo araka ny Soratra Masina, niakatra any an-danitra, nipetraka eo ankavanan'ny Ray, ary ho avy indray amim-boninahitra hitsara ny velona sy ny maty, ka tsy hanam-pahataperana ny fanjakany.**



*Or*

**Song (Hallelujah)**

(After the Gospel is read)

Priest: The Gospel of the Lord.

**All: Praise to you, Lord Christ.**

*Or*

**Song (Hallelujah)**

**18. A SONG MAY BE SUNG BEFORE THE SERMON**

**19. SERMON** *(Everyone stands.)*

Preacher: *(Before and after the sermon)* In the Name of the Father, and of the Son, and of the Holy Spirit

**All: Amen.**

*Or* **Prayer**

***20.* TIME OF REFLECTION ON SERMON, OR SONG**

**21. NICENE CREED**

**We believe in one God, the Father, the Almighty, maker of heaven and earth, of all that is, seen and unseen.**

**We believe in one Lord, Jesus Christ, the only Son of God, eternally begotten of the Father, God from God, Light from Light, true God from true God, begotten, not made, of one Being with the Father. Through him all things were made. For us and for our salvation he came down from heaven: by the power of the Holy Spirit he became incarnate from the Virgin Mary, and was made man. For our sake he was crucified under Pontius Pilate; he suffered death and was buried. On the third day he rose again in accordance with the Scriptures; he ascended into heaven and is seated at the right hand of the Father. He will come again in glory to judge the living and the dead, and his kingdom will have no end.**

**Izaho mino ny Fanahy Masina, Tompo sy Mpamelona, avy amin'ny Ray, itsaohana sy omem-boninahitra miaraka amin'ny Ray sy ny Zanaka, ary niteny tamin'ny vavan'ny Mpaminany,**

**Izaho mino ny Fiangonana iray Masina manerana izao rehetra izao, araka ny fanorenan'ny Apostoly, Izaho manaiky ny Batisa iray ho famelan-keloka, ary miandry ny fitsanganan'ny maty sy ny fiainana ho avy. Amen**

**22. TONOM-BAVAKA**

Ministera: Mangataha dia homena ianareo; mitadiava dia hahita ianareo; dondòny dia hovohana ianareo. (Mat.7, 7)

(*Sehatry ny tonom-bavaka*)

*Azo atao ity:*

*a)* Mihainoa anay Tompo tsara ô.
*Na*
*b)* Ray ô Mpamindra fo Ianao, mpamela helokay mba raiso re ny vavakay.
*Na*
*c)* Tompo ô, henoy 'zahay; miantso Anao mba ekeo ny vavakay; Mitalaho.
*Na*
*d)* Henoy ny feonay mankany aminao ry Tompo ô sy ny vavakay ry Tompo ô.
*Na*
*e)* Mitombo Mandroso ao amin'i Kristy.
*Na*
*f)* Mivavaka ho anao Aho. Izaho no Tompo, mivavaka ho anao Aho Sarobidy Amiko, mivavaka ho anao Aho.

*(Azo isafidianana : A na B)*

*A. Vavaka tora-po*

*Ohatra: Vavaka ho an'ny:*

- Fifandraisan'ny Diosesy Toliara sy ireo mpiara miombon'antoka
- Mpiasa rehetra eto amin'ny Diosesy
- Departemanta rehetra (Ara-bola, Fifandraisana, Fitoriana Filazantsara, Fampandrosoana, Fanabeazana, Fanorenana, hira sy kolontsaina, ikarohana sy fianarana ambony) eto amin'ny Diosesy…….
- Fiangonana sy ireo mpitondra rehetra



**We believe in the Holy Spirit, the Lord, the giver of life, who proceeds from the Father. With the Father and the Son he is worshiped and glorified. He has spoken through the Prophets.**

**We believe in one holy catholic and apostolic Church. We acknowledge one baptism for the forgiveness of sins. We look for the resurrection of the dead, and the life of the world to come. Amen.**

**22. INTERCESSIONS**

Minister: Ask, and it will be given to you; seek, and you will find; knock, and it will be opened to you. (Matthew.7, 7)

(Prayers)

*Possibilities:*

*a)* Hear us, good Lord.
*Or*
*b)* Father, you are merciful, you forgive our sins, please accept our prayers.
*Or*
c) Lord, hear us; we call upon you to accept our prayer; we beg you
*Or*
d) Hear our voice that comes to you, O Lord, and our prayer, O Lord.
*Or*
*e)* Grow and prosper in Christ.
*Or*
*f)* I am praying for you. I am the Lord, and I am praying for you. You are precious to me, and I am praying for you.

*(Choose: A or B)*

*A. Praying from the heart (not read from prayer book)*

*Example: Prayer for:*

- – Relations between the Diocese of Toliara and its partners
- – All employees of the Diocese
- – All departments (Finance, Communications, Evangelism, Development, Education, Construction, Music & Culture, Research) of the Diocese
- Church and all leaders

- Fanjakana
- Marary
- Malahelo sns.

*Na*

### *B.* Vavaka ho an'ny Eklesian'i Kristy

Ministera*:* Aoka isika hivavaka
ANDRIAMANITRA Tsitoha sy mandrakizay ô, ny tenin'Apostolinao masina no efa nampianaranao anay hanao fangatahana sy fivavahana ary fisaorana ho an'ny olona rehetra. Koa mangataka aminao izahay, mba raiso amin'ny famindramponao lehibe izao vavaka izao izay hataonay eto anatrehanao.

Ary velomy lalandava eo amin' ny Eklesia Katolika ny fanahin'ny fahamarinana sy ny firaisana ary ny fifankatiavana. Ary aoka izay rehetra manaiky ny Anaranao masina hiray saina ny amin'ny teninao masina ary hifankatia tsara.

Ary mangataka aminao koa izahay, arovy ny mpanapaka kristiana rehetra, ary aoka ny Mpanolo-tsaina azy rehetra sy izay rehetra manam-pahefana hitsara marina, fa tsy hiangatra, ka hanafay ny ratsy fanahy ary hanohana ny fivavahana marina aminao sy ny hatsaram-panahy.

Omeo fahasoavana, Ray any andanitra ô, ny Eveka sy ny Klerje rehetra, hanehoany ny teninao marina sady velona amin'ny fitondran-tenany sy ny fampianarany ary, hanolorany araka izay mety ho Sakramentanao Masina.

Ary omeo ny fahasoavanao avy any an-danitra ny olona rehetra, indrindra fa izay tafangona eto, mba handraisany ny Teninao Masina amin'ny fo manetry tena sy amim-panajana tsara, ka hanompoany anao tokoa amin'ny andro rehetra hiainany.

Ary mangataka aminao izahay, Tompo ô, mba ampionony sy vonjeo amin'ny fahatsaranao izay rehetra zoim-pahoriana, na malahelo, na mahantra, na marary, na tra-doza hafa amin'izao fiainana mandalo izao.

Ary koa isaoranay ny Anaranao masina noho ny mpanomponao rehetra izay efa nodimandry tamin'ny finoana sy ny fahatahorana Anao, sady mangataka fahasoavana aminao izahay hanarahanay ny diany tsara, mba hiarahanay aminy koa handova ny fanjakanao any an-danitra. Tanteraho izany, Ray ô, noho ny fitiavanao an'i Jesoa Kristy Mpanalalana sy Mpisolovava anay. Amena.



- – State
- – Sick
- – Sad etc.

*Or*

### ***B.* Prayers for the Church of Christ**

Minister*:* Let us pray
Almighty and everlasting God, by the words of your holy Apostles you have taught us to make supplications, prayers and thanksgivings for all people. Therefore, we beseech you, accept in your great mercy these prayers which we present before you.

Keep alive in the Catholic Church the spirit of truth, unity, and love. And may all who acknowledge your holy name be united in your holy word and love one another well.

We also ask you to protect all Christian rulers, and let all their counselors and all those in authority judge justly, without partiality, and punish the wicked and support true worship of you and goodness.

Grant, Heavenly Father, to all Bishops and Clergy, the grace to manifest Your true and living word in their conduct and teaching, and to offer Your Holy Sacraments as they see fit.

Grant your grace from heaven to all people, especially those gathered here, that they may receive your Holy Word with humble hearts and with great reverence, and may truly serve you all the days of their lives.

We ask you, Lord, to comfort and save with your goodness all those who are suffering, or are sad, or poor, or sick, or suffer other misfortunes in this fleeting life.

And we also thank Your holy Name for all Your servants who have died in faith and fear of You, and we ask You for grace to follow their good journey, so that we may also inherit Your kingdom in heaven with them. Grant this, Father, for the love of Jesus Christ, our Mediator and Advocate. Amen.

**23. FIFANOLORAM-PIADANANA**

**Eveka/Presbytera:**

TENAN'i Kristy isika, tamin'ny Fanahy iray no nanaovana Batisa antsika ho amin'ny tena iray, aoka isika hitady izay hisian'ny fiadanana sy izay hahatsara ny fiaraha-miaina.

*Na*

HENOY ny tenin'i Jesoa Kristy Tompontsika: Didy vaovao no homeko anareo, dia ny mba hifankatiavanareo, eny, aoka ho tahaka ny hitiavako anareo no mba hifankatiavanareo kosa, Izany no hahafantaran'ny olona fa mpianatro ianareo raha mifankatia.

*Na*

Ry malala, aoka hifankatia isika, fa avy amin'Andriamanitra ny fitiavana.

*Sy*

Homba anareo anie ny Tompo.

**Ny Rehetra: Ary homba ny Fanahinao**

*(AZO ISAFIDIANANA: A na B)*

*A.* (Mifandray tanana ny rehetra ka manao iray amin'ireto hira manaraka ireto)

**HIRA 169 and 6**: **Ry Trinite isaorana**
**Mba hampidino aminay**
**Firaisam-pihavanana**
**Mba hifankatiavanay. Amena**

*Na*

**Homba anareo anie ny fiadanan'ny Tompo; shalom, shalom, shalom (2*)**

**(Fiadanan'ny Tompo)2* Homba anareo anie ny fiadanan'ny Tompo; shalom, shalom, shalom.**

**(Homba anareo anie ny fitiavan'ny Tompo; shalom, shalom, shalom)2***

**(Fitiavan'ny Tompo)2* Homba anareo anie fitiavan'ny Tompo; shalom, shalom, shalom.**



**23. THE PEACE**

**Bishop/Priest:**

We are the body of Christ, we were baptized into one body by one Spirit, let us seek peace and a good life together.

*Or*

LISTEN to the words of our Lord Jesus Christ: A new commandment I give to you, that you love one another; just as I have loved you, that you also love one another. By this all will know that you are my disciples, if you love one another.

*Or*

Beloved, let us love one another, for love comes from God.

*And*

The peace of the Lord be always with you

**All: And also with you**

*(OPTIONAL: A or B)*

*A.* (Everyone joins hands and sings one of the following songs)

**HYMN 169 verse 6:** **O Trinity, thank you.**
**Send to us**
**Unity and reconciliation**
**That we may love each other.**

*Or*

**May the peace of the Lord be with you; shalom, shalom, shalom (x2)**

**(Peace of the Lord) x2 The peace of the Lord be with you; shalom, shalom, shalom.**

**(The love of the Lord be with you; shalom, shalom, shalom) x2**

**(Love of the Lord) x2 The love of the Lord be with you; shalom, shalom, shalom.**

*Na*

**Namela fianarana ho antsika i Jesoa ny amin'ny fitiavana**

**Fitiavana tsy mba manavakavaka e, fitiavana, fitiavana 2x**

**(Mifankatiave e) 8x**

*Na*

**Ampiraiso aminao izahay, mba hahaizanay hifankatia fa izany no didinao Tompo ô, dia ny mba hifankatia. Tompo ô, (Tompo)Tompo ô. (Mpanjaka) Mpanjakanay ô; dia ny mba hifankatia.**

*Na*

B. Mifampiarahaba ny rehetra ka manao hoe: **Homba anao anie ny fiadanan'ny Tompo.**

## FISAORANA LEHIBE

**24. HIRA RAKITRA**

**25. NY FANOLORANA**

Presbytera: (*Rehefa tonga eo am-pelatanany ireo fanomezana nataon'ny Mpiangona*)

a) RY TOMPO Andriamanitra nahary izao rehetra izao ô, Isaorana Ianao, Ny fahatsaranao no anananay izao harena atolotray Anao izao. Fa nomenao anay ny fahaizana samihafa izay nahomby sy nisasaranay. Raiso ny tenanay mba hanatanterahana ny asa anirahanao anay eto amin'izao fiainana izao.

*Na*

b) Ry Tompo ô, mangataka Aminao izahay mba handray ity Fanatitra ity; izay atolotray mpanomponao manetry tena sy torotoro fo mba hankasitrahana eo imasonao.

**Ny Rehetra: Isaorana mandrakariva sy mandrakizay anie Andriamanitra.**



*Or*

**Jesus left us a lesson in love**

**Unconditional love, love, love 2x**

**(Love one another) 8x**

*Or*

**Unite us to you, that we may know how to love one another, for this is your commandment, O Lord, to love one another. O Lord, (Lord) Lord. (King) Our King; to love one another.**

*Or*

B. Everyone greets one another and says: **May the peace of the Lord be with you.**

## THE GREAT THANKSGIVING

**24. RECORDED SONG**

**25. OFFERTORY PRAYER**

Priest: (*When the donations made by the Church members reach their hands*

a) LORD God, creator of the universe, thank You, that by your goodness we have this wealth which we offer You. For You have given us the various skills that we have succeeded in and worked hard for. Accept us to fulfill the work You have sent us to do in this life.

*Or*

b) O Lord, we ask You to accept this offering; which we, your humble and contrite servants, offer to be acceptable in Your sight.

**All: May God be praised always and forever.**

*Na*

c) Ministera: Fa avy aminao Tompo ô ny zavatra rehetra.
**Ny Rehetra: Ary avy tamin'ny Anao ihany no nanomezanay Anao**

*Na*

**d) HIRA 334 BF-and.3**

**Dia raiso e, ry Tompo ô,**
**Ny asanay izao,**
**Mba ahazoan'ny olonao**
**Ny fitahianao. Amen.**

*Na*

***e) HIRA 194BF. and.1***
**Izay atolotray,**
**Anao ry Tompo ô**
**Dia tsy anay re, fa Anao.**
**Ka indro raiso 'zao. Amena**

*Na*

**f) Fanomezam-pahasoavana**
**Hanandratra Anao aho, ho voninahitrao**
**Manome Anao ny zavatra rehetra**
**Hanandratra Anao aho, ho voninahitrao**

*Na*

**g) HIRA 249-and.3**

**Raiso ny Fahaizako**
**Ento mba hanaja Anao**
**Raiso koa ny volako**
**Ho Anao tokoa izao**



*Or*

**c)** Minister: All things come from you, O Lord.
**All: And, of your own have we given you.**

*Or*

**d) SONG 334 BF verse 3**

**Then accept, O Lord,**
**Our work now,**
**So that your people may receive**
**Your blessing. Amen.**

*Or*

***e) SONG 194BF verse.1***
**What we offer,**
**Yours, O Lord**
**So it is not ours, but yours.**
**So here, receive it. Amen**

*Or*

**f) Gift of Grace**
**I will exalt You, for Your glory**
**I give You everything**
**I will exalt You, for Your glory**

*Or*

**g) SONG 249 verse3**

**Take my skills**
**Bring them to respect you**
**Take my money too**
**It is yours now**

Eveka/Presbytera :(*Rehefa raisiny ny mofo*)

a) RY TOMPO Andriamanitra nahary izao rehetra izao ô! Isaorana Ianao, ny fahatsaranao no ananany izao Mofo atolotray Anao izao, vokatry ny tany Izy sady nisasaran'ny tanan'olombelona; ho tonga Mofon'ny fiainana ho anay izy.

*Na*

**b)** Rainay any an-danitra ô; raiso ity Mofo ity atolotray Anao ho voninahitry ny Anaranao; ary mba hahazoan'ny olona kristiana rehetra na izay mbola velona eto ambonin'ny tany na izay efa lasa nodimandry tao amin'i KRISTY ny Famonjenao mandrakizay.

**Ny Rehetra: Isaorana mandrakariva sy mandrakizay anie Andriamanitra.**

*Na*

**c) HIRA 334BF-and.1**

**Ry Rainay ao an-danitra ô**

**Atolotray Anao**

**Ny mofo izay voavoatra**

**Ho voninahitrao. Amena**

Eveka/Presbytera: (*Rehefa raisiny ny Divay*)

a) Ry TOMPO Andriamanitra nahary izao rehetra izao o, Isaorana Ianao. Ny fahatsaranao no ananany izao Divay hatolotray Anao izao, vokatry voaloboka izy sady nisasaran'ny tanan'olombelona, ho tonga Kapoaky ny famonjena ho anay izy.

*Na*

**b)** Ry Tompo ô, atolotray Anao ity Kapoaky ny famonjena ity ho Fanatitra tianao sy ankasitrahanao mba hampandrosoana ny famonjena izao tontolo izao.

**Ny Rehetra**: **Isaorana mandrakariva sy mandrakizay anie Andriamanitra.**



Bishop/Priest :(*When he takes the bread*

a) LORD God, creator of all things! Thank You, for by your goodness we have this bread that we offer you, the fruit of the earth and the labor of human hands; it will become the Bread of Life for us.

*Or*

b) Our Father in heaven; receive this bread which we offer you for the glory of your name; and that all Christians, whether still living on earth or those who have fallen asleep in Christ, may receive your eternal salvation.

**All: May God be praised always and forever.**

*Or*

**c) SONG 334BF-verse 1**

**Our Father in heaven**

**We offer You**

**The bread that is prepared**

**For Your glory. Amen**

Bishop/Priest: (*When he takes the Wine*)

a) LORD God, creator of all things, we are blessed. It is by your goodness that we have this wine that we offer to you, the fruit of the vine and the labor of human hands, that it may become the Cup of salvation for us.

*Or*

b) O Lord, we offer You this Chalice of salvation as an Offering that You love and accept to advance the salvation of the world.

**All: May God be praised always and forever.**

*Na*

c) **HIRA 334 BF and.2**

**Eo amin'ny Alitaranao**

**No ametrahanay**

**Izao ilay kapoaky**

**Ny famonjena anay. Amena**

**26. NY VAVAKA FISAORANA**

Eveka/Presbytera: Homba anareo anie ny Tompo

**Ny Rehetra: Ary homba ny Fanahinao**

Eveka/Presbytera: Asandrato ny fonareo

**Ny Rehetra: Asandratray amin'ny Tompo ny fonay**

Eveka/Presbytera: Aoka isika hisaotra an'Andriamanitra Tompontsika

**Ny Rehetra: Mety sy tokony hatao izany**

Eveka/Presbytera: METY dia mety sady tsara tokony hataonay indrindra, na rahoviana na rahoviana ary na aiza na aiza, Ray Masina Mpanjaka any an-danitra Andriamanitra Tsitoha sy mandrakizay o, ny misaotra sy midera Anao, amin'ny alalan'ny Zanakao malala indrindra.

Fa IZY no ilay Teninao velona, ary amin'ny alalany no naharianao ny zavatra rehetra sy naharianao anay araka ny endrikao. Izy no Mpamonjy nirahinao ho mpanavotra anay. Ny herin'ny Fanahy Masina no nahazoany nofo aman-dra ka niterahan'i Santa Maria Virjina Azy, Noho ny aminay no nanolorany ny tenany teo ambony Hazo fijaliana, ka nofoanany ny fahafatesana sy naharihariny ny fitsanganana avy eo anivon'ny maty. Izany no nahatanterahany ny teti-pamonjena ka nahazoany ny vahoaka Masina ho Anao. Nasandratrao ho eo amin'ny ankavananao any amin'ny Avo Izy, ka avy Aminy no nanirahanao ny Fanahinao Masina aminay.

Ary dia misaotra Anao ankehitriny izahay, noho.

Ary noho izany dia miara-misaotra sy mankalaza ny Anaranao malaza izahay, mbamin'ny Anjely sy ny Arkanjely ary ireo marobe any an-danitra, ka midera Anao mandrakariva hoe:



*Or*

c) **SONG 334 BF verse 2**

**Upon Thy Altar**

**We place**

**This cup of**

**Our salvation. Amen**

**26. THE PRAYER OF THANKSGIVING**

Bishop/Priest: The Lord be with you.

**All: And also with you.**

Bishop/Priest: Lift up your hearts.

**All: We lift them to the Lord**

Bishop/Priest: Let us give thanks to the Lord our God.

**All: It is right to give him thanks and praise.**

Bishop/Priest: It is right and proper for us, O Holy Father, King of heaven, Almighty and eternal God, to give thanks and praise to you at all times and in all places, through your most beloved Son.

For He is your living Word, through whom you created all things and created us in your image. He is the Savior whom you sent to be our Redeemer. By the power of the Holy Spirit He took on flesh and blood and was born of the Virgin Mary. For our sake He offered Himself on the Cross, abolishing death and manifesting the resurrection from the dead. In this way He accomplished the plan of salvation and obtained for you a holy people. You exalted Him to Your right hand on high, and from Him You sent Your Holy Spirit upon us.

And now we thank you.

And therefore we together thank and glorify your glorious Name, with the Angels and Archangels and the heavenly host, and praise you always, saying:

**Ny Rehetra: MASINA, MASINA, MASINA, ny Tompo Andriamanitry ny fahefana sy ny hery, manerana ny lanitra sy ny tany ny voninahitrao ry Tompo avo indrindra o, Amena.**

**ISAORANA anie izay avy amin'ny Anaran'i Jehovah, HOSANA amin'ny avo indrindra.**

**27. VAVAKA FISAORANA 1 (***mandohalika***)**

RAY any an-danitra ô, raiso ny fideranay amin'ny alalan'ny Zanakao Jesoa Kristy Mpamonjy anay, ary noho ny fanarahanay ny ohatra navelany sy noho ny fankatoavanay ny didiny, dia aoka ireto fanomezana ireto, dia ny Mofo sy ny Divay, mba ho tonga Tenany sy Rany, noho ny herin'ny Fanahinao.

Fa tamin' ilay alina namadihana Azy, dia nandray ny Mofo Izy, ary rehefa nisaotra Izy dia novakiany, ary nomeny ny mpianany ka nataony hoe: «Raiso, hano, Ity no Tenako izay homena ho anareo. Izao no ataovy ho fahatsiarovana Ahy».

Ary rehefa vita ny sakafo, dia nandray ny Kapoaka Izy, ary rehefa nisaotra Izy dia nomeny Azy, ka nataony hoe: « Misotroa amin'ity ianareo rehetra, fa Ity no Rako, dia ny amin'ny fanekena vaovao, izay halatsaka ho anareo sy ny maro ho famelan-keloka. Izao no ataovy ho fahatsiarovana Ahy, na rahoviana na rahoviana no misotro ianareo ».

Noho izany Ray any an-danitra ô, ataonay amin'ity Mofo ity sy amin'ity Kapoaka ity ny fahatsiarovana Azy; ankalazainay sy hambaranay ny fanatitra tanteraka nateriny indray mandeha teo amin'ny Hazo Fijaliana ny nitsanganany tamin'ny maty, ary ny niakarany any an-danitra, sady antenainay ny fiaviany indray amim-boninahitra. AOKA hambarantsika ampahibemaso ny zava-miafin'ny finoana:

**Ny Rehetra:** **Efa maty i Kristy**
**Efa nitsangana tamin'ny maty i Kristy,**
**Mbola ho avy indray i Kristy.**

RAY ô, raiso amin'ny alalan'ilay mpisoronabenay izao fanati-pisaorana sy fiderana izao; ary amin'izao fihinananay sy fisotroanay ireto fanomezanao Masina ireto eo anatrehan'ny fiandriananao, dia havaozy amin'ny Fanahinao izahay, velomy amin'ny fitiavanao, ary ampiraiso amin'ny tenan'ny Zanakao Jesoa Kristy Tomponay.



**All: Holy, holy, holy Lord, God of power and might, heaven and earth are full of your glory.**

**Blessed is he who comes in the name of the Lord. Hosanna in the highest.**

**27. PRAYER OF THANKSGIVING 1** *(kneeling)*

Heavenly Father, receive our praise through your Son, Jesus Christ, our Savior, and because we follow his example and obey his commandments, may these gifts, the Bread and Wine, become his Body and Blood, by the power of your Spirit.

On the night he was betrayed, he took bread, and when he had given thanks, he broke it and gave it to his disciples, saying, "Take, eat; this is my body which is given for you. Do this in remembrance of me."

And when supper was ended, he took the cup, and when he had given thanks, he gave it to them, saying, "Drink from it, all of you; for this is my blood of the new covenant, which is shed for you and for many for the forgiveness of sins. Do this, whenever you drink it, in remembrance of me."

Therefore, heavenly Father, we make this Bread and this Cup a memorial of Him; we celebrate and proclaim the perfect sacrifice He offered once for all on the Cross, His resurrection from the dead, and His ascension into heaven, and we look forward to His coming again in glory. Let us proclaim publicly the mystery of faith:

**All:** **Christ has died.**
**Christ is risen.**
**Christ will come again.**

FATHER, receive through our high priest this sacrifice of thanksgiving and praise; and as we eat and drink these holy gifts in the presence of your majesty, renew us with your Spirit, quicken us with your love, and unite us to the body of your Son Jesus Christ our Lord.

MIARAKA Aminy sy ao Aminy ary amin'ny alalany, noho ny herin'ny Fanahy Masina: ary miaraka amin'ireo rehetra mitsangana eo anatrehanao, na eto an-tany na any an-danitra, dia mitsaoka Anao izahay Ray Tsitoha ô, ka midera Anao amin'ny feo tsy mitsahatra hoe:

**Ny Rehetra: NY saotra sy ny haja sy ny voninahitra ary ny hery anie ho Anao mandrakizay mandrakizay. Amena.**

*(Raha lany ny Mofo na Divay efa voahasina nefa mbola nisy tsy nandray, dia hanamasina hafa indray ny Presbytera ka hanao hoe: « Ray any an-danitra ô, ... Izao no ataovy ho fahatsiarovana Ahy » raha ny Mofo no hamasinina, ary hoe: « Ary rehefa vita ny sakafo... ny fihaviany indray amim-boninahitra » raha ny Kapoaka no hamasinina).*

**28. VAVAKA FISAORANA 2** (*mandohalika*)

RAY ô, amin'ny alalan'i Jesoa Kristy Zanakao Tomponay, henoy izahay, ka raiso izao fanati-pisaorana sy fiderana izao, ary arotsahy aminay sy amin'ireto Mofo sy Divay ireto ny Fanahinao Masina ho tonga Tenany sy Rany ho anay izany.

TAMIN'ilay alina namadihana Azy, dia nandray ny Mofo Izy, ary rehefa nisaotra Anao Izy dia novakiany ilay Mofo, nomeny ny mpianany ka hoy Izy: « Raiso, hano, Ity ny Tenako izay atolotra ho anareo, ataovy izao ho fahatsiarovana Ahy ».

ARY toy izany koa rehefa vita ny sakafo, dia nandray ny Kapoaka Izy, rehefa nisaotra Anao Izy, dia nomeny ny mpianany ka nataony hoe: « Misotroa amin'Ity ianareo rehetra fa Rako Ity, dia ny Ran'ny fanekena vaovao alatsaka ho anareo sy ny olombelona rehetra, ho famelan-keloka. Na rahoviana na rahoviana no misotro izany ianareo dia ataovy ho fahatsiarovana Ahy».

KOA noho izany Ray Masina indrindra ô, miaraka amin'ireto fanomezana avy Aminao ireto, dia mankalaza sy maneho etoana ilay fanatitra tokana sy lavorary naterin'i Jesoa Kristy Tomponay izahay vahoakanao, sy ny fitsanganany tamin'ny maty ary ny niakarany any amin'ny voninahitry ny lanitra.



With Him, and in Him, and through Him, by the power of the Holy Spirit: and with all who stand before you, whether on earth or in heaven, we worship you, Almighty Father, and praise you with a voice that never ceases:

**All: To you be thanksgiving, honor, glory, and the power forever and ever. Amen.**

*(If the consecrated Bread or Wine runs out and not all have received it, the Priest will consecrate more, saying: "Our Father in heaven, ... do this in remembrance of me" if the Bread is being consecrated, and: "And when the meal is over... his coming again in glory" if the Cup is being consecrated).*

**28. PRAYER OF THANKSGIVING 2** *(kneeling)*

FATHER, through Jesus Christ your Son our Lord, hear us, and accept this sacrifice of thanksgiving and praise, and pour out your Holy Spirit on us and on this Bread and Wine, that it may become his Body and Blood for us.

On the night he was betrayed, he took bread, and when he had given thanks, he broke it, and gave it to his disciples, saying, "Take, eat; this is my body which is given for you; do this in remembrance of me."

In the same way, when he had finished eating, he took the cup, and when he had given thanks, he gave it to his disciples, saying, "Drink from it, all of you; for this is my blood of the new covenant, which is poured out for you and for many for the forgiveness of sins. Do this, whenever you drink it, in remembrance of me."

Therefore, Most Holy Father, with these gifts from you, we, your people, celebrate and manifest here the one and perfect sacrifice offered by our Lord Jesus Christ, His resurrection from the dead, and His ascension into heavenly glory.

**Ny Rehetra: Ny nahafatesanao no nandravanao ny fahafatesana, ny nitsangananao no namerenanao ny fiainana ho anay, AVIA ry Jesoa Tompo ô, tongava amim-boninahitra!**

RY TOMPO Tsara indrindra ô, na dia tsy mendrika aza izahay, dia ao amin'ny Zanakao, ary rehefa mandray ny Tenany sy misotro ny Rany izahay, dia ataovy tena iray ao amin'ny vahoakanao rehetra, hatrizay, hatrizay ka ho mandrakizay.

MIANDRY ny fiavian'i Kristy amim-boninahitra sy ny famirapiratan'ny fanjakany izahay ka ataovy mitombo isan'andro amin'ny fanarahana Azy.

MIARAKA Aminy sy ao Aminy ary amin'ny alalany, noho ny herin'ny Fanahy Masina, dia hatolotra Anao ry Ray Tsitoha, ny haja sy ny voninahitra, hatramin'ny taloha sy ankehitriny, ary mandrakariva ho mandrakizay mandrakizay. Amena.

*(Raha lany ny Mofo na ny Divay efa voamasina nefa mbola nisy tsy nandray, dia hanamasina hafa indray ny Presbytera ka hanao hoe: « Ray ô, amin'ny alalan'i ...ataovy Izao ho fahatsiarovana Ahy »- raha ny Mofo no hamasinina- ary hoe: « Ary toy izany koa rehefa vita ny sakafo.... ary niakarany any amin'ny voninahitry ny lanitra »- raha ny Kapoaka no hamasinina.)*

**29. VAVAKA FISAORANA 3** (*mandohalika*)

ENY, Masina tokoa Ianao ry Tompo, Ianao ilay loharanon'ny fahamasinana rehetra. Mivavaka Aminao izahay. Arotsahy amin'ireto fanomezana ireto ny Fanahinao, mba hanamasina Azy ho Tena sy Ran'i Jesoa Kristy Tomponay.

TAMIN'ilay alina nanolorana Azy sy nanekeny an-tsitrapo hijaly sy ho faty, dia nandray ny Mofo Izy, ary rehefa nisaotra Anao Izy, dia novakiany ary nomeny ny mpianany, ka nataony hoe: «Raiso, hano, Ity ny Tenako izay homena ho anareo».

TOY izany koa, rehefa vita ny sakafo, dia nandray ny Kapoaka Izy, ary rehefa nisaotra Anao indray Izy, dia nomeny ny mpianany izany ka nataony hoe: « Misotroa amin'ity ianareo rehetra fa Kapoaky ny Rako Ity, dia ny Ran'ny fanekem-pihavanana vaovao sy maharitra mandrakizay, izay halatsaka ho anareo sy ny olombelona rehetra ho famelan-keloka. Izao no ataovy ho fahatsiarovana Ahy».

ISAKY ny mihinana ity Mofo ity sy misotro amin'ity Kapoaka ity isika, dia mankalaza ny zava-miafin'ny finoana.





**All: By your death you destroyed death, by your resurrection you restored life to us, Come, Lord Jesus, come in glory!**

O most good LORD, though we are unworthy, we are in your Son, and as we partake of his Body and drink his Blood, make us one body in all your people, forever and ever.

We await the glorious coming of Christ and the splendor of his kingdom, and make us grow daily in following him.

With him, in him, and through him, by the power of the Holy Spirit, to you, Almighty Father, be honor and glory, now and ever, and forever and ever. Amen.

*(If the consecrated Bread or Wine runs out and not all have received it, the Priest will consecrate more, saying: "Father, through ... do this in remembrance of me" - if the Bread is being consecrated - and: "And in the same way when the meal was finished... and he ascended into the glory of heaven" - if the Cup is being consecrated.)*

**29. PRAYER OF THANKSGIVING 3** *(kneeling)*

Yes, You are truly Holy, O Lord, the source of all holiness. We pray to you.  Pour out your Spirit upon these gifts, that they may be sanctified as the Body and Blood of our Lord Jesus Christ.

On the night in which He was betrayed and willingly submitted to suffering and death, He took Bread, and when He had given thanks, He broke it and gave it to His disciples, saying, "Take, eat; this is my Body which is given for you."

In the same way, when the supper was over, He took the Cup, and when He had given thanks, He gave it to His disciples, saying, "Drink from it, all of you; for this is the Cup of my Blood of the new and everlasting covenant, which is shed for you and for all for the forgiveness of sins. Do this in remembrance of Me."

Every time we eat this Bread and drink this Cup, we celebrate the mystery of faith.

**Ny Rehetra: Mahatsiaro ny nahafatesanao izahay, ry Tompo tafatsangana, ary miandry ny fiavianao.**

RAY ô, mahatsiaro ny nahafatesan'ny Zanakao sy ny nitsanganany tamin'ny maty izahay, ka manatitra Aminao ity Mofon'ny fiainana, sy ity Kapoaky ny famonjena ity; ary misaotra Anao noho ny nifidiananao anay hanao fanompoana eo anatrehanao. Ary dia mangataka Aminao amim-panetren-tena izahay izay mandray ny Tena sy ny Ran'i Kristy, mba ho tafakambana ho tena iray noho ny herin'ny Fanahy Masina.

TSAROVY Tompo ô, ny Fiangonanao manerana izao tontolo izao: Ampitomboy ao anatin'ny fitiavanao Izy miaraka amin'ny Evekanay sy ny Ministera rehetra ary ireo manana andraikitra amin'ny fiahiana ny vahoakanao.

TSAROVY koa ireo Kristiana namanay izay efa nodimandry tamin'ny fanantenana ny fananganana amin'ny maty, ary ireo rehetra efa nandao ity fiainana ity; raiso ao amin'ny fahazavan'ny fanatrehanao izy.

Ary ho anay, dia mangataka ny famindram-ponao izahay, mba hiarahanay mandova fiainana mandrakizay sy midera ary manome voninahitra Anao, miaraka amin'i Santa Maria Virjina, Renin'Andriamanitra, sy ireo Apostoly ary ny Santa rehetra izay nahatanteraka ny sitraponao, amin'ny alalan'i Jesoa Kristy Zanakao malala.

Amin'ny alalany sy miaraka Aminy ary ao Aminy amin'ny firaisan'ny Fanahy Masina, dia Anao Andriamanitra Ray Tsitoha, ny haja sy ny voninahitra mandrakizay doria. Amena.

*(Raha lany ny Mofo na ny Divay efa voahasina nefa mbola misy tsy nandray, dia hanamasina hafa indray ny Presbytera ka hanao hoe: « Eny, masina tokoa...ity no tenako izay omena ho anareo » - raha ny Mofo no hamasinina- ary hoe: «Toy izany koa rehefa vita ny sakafo... izao no ataovy ho fahatsiarovana Ahy» - raha ny Kapoaka no hamasinina.)*

**30. VAVAKA FISAORANA 4** (*mandohalika*)

Voninahitra ho Anao, Andriamanitra Tsitoha. Rainay any an-danitra ô, noho ny famindramponao lehibe tamin'ny nanomezanao an'i Jesoa Kristy Zanakao lahy Tokana hiaritra fahafatesana tamin'ny Hazo fijaliana ho fanavotana anay; fa teo no nanaovany fanalamboady sy fanatitra ary onitra ampy sy tanteraka ary sahaza



**All: We remember your death, risen Lord, and await your coming.**

Father, we remember the death and resurrection of your Son, and we offer you this Bread of life and this Cup of salvation; and we thank you for choosing us to serve you. And we, who receive the Body and Blood of Christ, humbly ask to be united into one body by the power of the Holy Spirit.

Remember, O Lord, your Church throughout the world: Increase her in your love, together with our Bishops, all the Ministers, and all those who are responsible for the care of your people.

Remember also our fellow Christians who have fallen asleep in the hope of the resurrection, and all those who have departed this life; receive them into the light of your presence.

And for us, we implore your mercy, that together we may inherit eternal life and praise and glorify you, together with the Holy Virgin Mary, Mother of God, and the Apostles and all the Saints who have done your will, through Jesus Christ, your beloved Son.

Through her, with her, and in her, in the unity of the Holy Spirit, to you, God the Father Almighty, be honor and glory forever and ever. Amen.

(If the consecrated Bread or Wine runs out and someone has not yet received it, the Priest will consecrate more, saying: "Yes, it is holy...this is my body which is given for you" - if the Bread is being consecrated - and: "In the same way, when you have finished eating...do this in remembrance of me" - if the Cup is being consecrated.)

**30. . PRAYER OF THANKSGIVING 4** *(kneeling)*

Glory to You, Almighty God. Our heavenly Father, for Your great mercy in giving Your only Son, Jesus Christ, to suffer death on the Cross for our redemption; for there He made a sufficient, complete, and adequate sacrifice, offering, and reparation.

noho ny fahotan'izao tontolo izao tamin'ny nanolorany ny tenany izay naterina indray mandeha; Ary koa nanendry ny fahatsiarovana ny nahafatesany soa indrindra Izy sady nandidy anay ao amin'ny Filazantsarany masina hampaharitra izany mandra-piaviny indray.

Tamin'ilay alina namadihana Azy dia nandray ny Mofo Izy; ary rehefa nisaotra Izy dia novakiany, ary nomeny ny mpianany, ka nataony hoe: Raiso, hano, ity no tenako Izay nomena ho anareo: izao no ataovy ho fahatsiarovana Ahy.

Ary toy izany koa rehefa vita ny sakafo dia nandray ny Kapoaka Izy; ary rehefa nisaotra Izy, dia nomeny azy, ka nataony hoe: Misotroa amin'ity ianareo rehetra fa Ity no Rako, dia ny amin'ny fanekena vaovao, izay halatsaka ho anareo sy ny maro ho famelan-keloka; izao no ataovy ho fahatsiarovana Ahy, na oviana na oviana no misotro ianareo.

Koa noho izany, Tompo Ray any an-danitra ô dia manatitra izao fanomezanao Masina izao izahay mpanomponao, ary manao eo anatrehanao ny fahatsiarovana nodidian'ny Zanakao hataonay ka mahatsiaro ny niaretany Masina sy ny nahafatesany soa sy ny nitsanganany mahery ary ny niakarany malaza; ary misaotra Anao tokoa izahay noho ny fanomezanao tsy hita isa izay azony ho anay noho izany.

Ary mifona aminao izahay, Ray mamindra fo ô, mihainoa anay, ary noho ny fahatsaranao dia aoka ny Teninao sy ny Fanahinao Masina no hitahianao sy hanamasinanao izao fanomezana izao, dia ny Mofo sy ny Divay, ho Tena sy Ran'ny Zanakao malala indrindra.

Ary maniry tokoa izahay mpanomponao. Ray mamindra fo ô, mba ho raisinao noho ny fahatsaranao izao fanati-piderana sy fisaorana izao. Ary mangataka Aminao ampanetren-tena izahay, aoka ny fahamendrehan'i Jesoa Kristy Zanakao sy ny nahafatesany ary ny fitokiany ny Rany, no hahazoanay sy ny Eklesianao ny famelana ny helokay sy ny fahasoavana rehetra vokatry ny nijaliany.

Ary mifona Aminao izahay, aoka anie izay rehetra mandray ity Komoniona Masina ity mba handray amim-pahamendrehana ny Tena sy ny Ra soan'i Kristy, ary ho feno ny fahasoavanao sy ny fitahianao avy any an-danitra ka hatao tena iray amin'i Kristy.

Ary dia aterinay sy atolotray amin'izao, Tompo ô, ny sainay sy ny fanahinay ary ny tenanay ho fanatitra mety sy masina ary velona. Ary na dia tsy mendrika hanatitra fanatitra Aminao akory aza izahay, noho ny helokay maro samihafa, mifona Aminao izahay, raiso amin'ny fankasitrahana ity fanompoana adidinay ity; koa aza mandanja



for the sins of the world, by offering up his body once for all; and he ordained the memorial of his death most excellent, and commanded us in his holy Gospel to keep it until he come again.

On the night in which he was betrayed he took bread; and when he had given thanks, he broke it, and gave it to his disciples, saying, Take, eat; this is my body which is given for you: do this in remembrance of me.

In the same way also after supper he took the cup; and when he had given thanks, he gave it to them, saying, Drink of it, all of you; for this is my blood of the New Testament, which is shed for you and for many for the remission of sins: this do ye, as oft as ye drink it, in remembrance of me.

Therefore, O Lord, our heavenly Father, we, your servants, offer this holy gift to you, and make before you the memorial which your Son commanded us to make, remembering his holy suffering, his good death, his mighty resurrection, and his glorious ascension; and we thank you for the countless gifts which he obtained for us.

And we beseech you, merciful Father, hear us, and for your goodness, bless and sanctify this gift, the Bread and Wine, into the Body and Blood of your most beloved Son, by your Word and your Holy Spirit.

And we, your servants, desire very much. Merciful Father, that you will accept this sacrifice of praise and thanksgiving in your goodness. And we humbly beseech you, that through the merits of your Son Jesus Christ and his death and trust in his blood, we and your Church may obtain the forgiveness of our sins and all the graces resulting from his suffering.

And we beseech you, that all who receive this Holy Communion may worthily receive the precious Body and Blood of Christ, and be filled with your grace and blessing from heaven and be made one body with Christ.

And although we are unworthy to offer you sacrifices, because of our manifold sins, we beseech you, accept with gratitude this service which we owe you; and do not hold it against the sins of the world, for he offered himself once for all;

anay, fa mamela ny fahadisoanay: amin'ny alalan'i Jesoa Kristy Tomponay, izay omem-boninahitra sy laza amin'ny firaisan'ny Fanahy Masina, miaraka Aminao, Ray any an-danitra ô, mandrakizay mandrakizay.

**Ny Rehetra: Amena**.

31. Araka ny nampianarin'ny Mpamonjy antsika dia hivavaka isika hoe:

**Ny Rehetra: Ry Rainay any an-danitra ô, Hohamasinina anie ny Anaranao; ho tonga anie ny fanjakanao, Hatao anie ny sitraponao: eto an-tany tahaka ny any an-danitra. Omeo anay anio ny hanina sahaza ho anay. Avelao ny helokay, tahaka ny hamelanay izay meloka taminay. Aza avela ho azon'ny fakam-panahy izahay: fa manafaha anay amin'ilay ratsy, fa Anao ny fanjakana sy ny hery, Anao ny voninahitra, mandrakizay, Amena.**

## FAMAKIANA NY MOFO

32. Eveka/Presbytera: VAKINTSIKA ity Mofo ity handraisantsika anjara amin'ny Tenan'i Kristy.

**Ny Rehetra: ISIKA na dia maro aza dia tena iray ihany amin'i Kristy, satria Mofo iray ihany no ihinanantsika rehetra.**

## FIARAHA-MANDRAY

33. Fa ny nofoko no tena fihinana, ary ny Rako no tena fisotro; izay mihinana ny nofoko sy misotro ny Rako no mitoetra ao Amiko, ary Izaho kosa ao Aminy.

*Na*

MANATONA, ary raiso ny Tenan'i Jesoa Kristy Tompontsika, izay nomeny ho anareo, sy ny Rany izay nalatsany ho anareo . Ivelomy ao am-ponareo amin'ny finoana sy fisaorana Izy.

**Ny Rehetra: Tompo mamindra fo ô, tsy dia matoky ny fahamarinanay izahay no sahy manatona ity latabatrao ity, fa ny famindramponao maro sy lehibe no itokianay.**

**Tsy mendrika izahay, na dia hihinana ny sombintsombiny latsaka avy amin'ny latabatrao akory aza; nefa Ianao no Tompo mamindra fo mandrakariva. Ry Tompo be fahasoavana ô, aoka ny fihinananay ny Nofon'i Jesoa Kristy Zanakao malala** sy ny fisotroanay ny Rany, no hanadiovan'ny Tenany ny tenanay feno fahotana, sy



and he has ordained the memorial of his most excellent death, and has commanded us in his holy Gospel to perpetuate it until he comes again

**All: Amen**.

31. As the Savior has taught us, let us pray:

**All: Our Father in heaven, hallowed be your name; your kingdom come; your will be done, on earth as it is in heaven. Give us this day our daily bread. Forgive us our debts, as we forgive our debtors. Lead us not into temptation, but deliver us from evil. For yours is the kingdom, and the power, and the glory, forever. Amen.**

## BREAKING OF THE BREAD

32. Bishop/Priest: We break this bread to share in the Body of Christ.

**All: We though many, are truly one in Christ, for we all eat the same Bread.**

## COMMUNION

33. For my flesh is food indeed, and my blood is drink indeed. He who eats my flesh and drinks my blood abides in me, and I in him.

*Or*

Come, and receive the Body of our Lord Jesus Christ, which He gave for you, and His Blood which He shed for you. Renew Him in your hearts by faith with thanksgiving.

**All: O merciful Lord, we do not presume to come to this your Table, trusting in our own righteousness, but in your manifold and great mercies.**

**We are not worthy so much as to gather up the crumbs under thy Table. But you are the same Lord whose property is always to have mercy. Grant us therefore, gracious Lord, so to eat the flesh of your dear Son Jesus Christ, and to drink his blood,**

**hanasan'ny Rany soa indrindra ny Fanahinay, hitoeranay mandrakariva ao Aminy, ary Izy ato anatinay. Amena.**

Eveka/Presbytera: NY fanomezan'Andriamanitra dia ho an'ny vahoakan'Andriamanitra

*Na*

Eveka/Presbytera: Indro ny Zanak'Ondrin'Andriamanitra, Indro Ilay manaisotra ny fahotan'izao tontolo izao.

**Ny Rehetra: Tompoko ô tsy mendrika hidiranao ao ambany tafo-tranoko aho fa mitenena ihany fa ho sitrana ny fanahiko(3x).**

**Ny Rehetra:**

**Zanak'Ondrin' Andriamanitra ô, izay manaisotra ny fahotan'izao tontolo izao, mamindra fo aminay.**

**Zanak'Ondrin'Andriamanitra ô, izay manaisotra ny fahotan'izao tontolo izao, mamindra fo aminay.**

**Zanak'Ondrin'Andriamanitra ô, izay manaisotra ny fahotan'izao tontolo izao, omeo anay ny fiadananao.**

**(***Amin'ny fanolorana izany amin'ny olona tsirairay dia hanao hoe:)*

Eveka/Presbytera: Ny Tenan'i Kristy.

**Ny Mpandray: Amena.**

Ny Mpitondra ny Kapoaka: Ny Ràn'i Kristy.

**Ny Mpandray**: **Amena.**

## NY FAMARANANA

34. Eveka/Presbytera: Tompo ô! aoka ho raisinay amim-pahadiovam-panahy izay vao nohaninay; ka hanjary fanafody fanasitranana ho amin'ny fiainana mandrakizay ny fanomezana natolotra tanay androany.



**that we may evermore dwell in him, and he in us. *Amen*.**

Bishop/Priest: The gift of God for the people of God

*Or*

Bishop/Priest: Behold the Lamb of God, Behold the One who takes away the sin of the world.

**All: Lord, I am not worthy for you to enter under my roof, but just say the word and my soul will be healed (x3).**

**All:**

**Lamb of God, you take away the sins of the world, have mercy on us.**

**Lamb of God, you take away the sins of the world, have mercy on us.**

**O Lamb of God, you take away the sins of the world, grant us peace.**

**(***When presenting this to each person, say:)*

Bishop/Priest: The Body of Christ

**Recipient: Amen.**

Chalice bearer: The Blood of Christ.

**Recipient: Amen.**

## AFTER COMMUNION

34. Bishop/Priest: Lord, may we receive with purity what we have just eaten; and may the gift offered to us today become a healing medicine for eternal life.

*Na*

Tompo ô! aoka anie haharitra ato am-ponay ny Tenanao sy ny Ranao. Efa nohatanjahin'ny Sakramentanao Masina izahay; ka aoka tsy hisy tavela ato anatinay izay pentipentina avy amin'ny fahotana.

*Sy*

Misaora ny Tompo fa tsara Izy

**Ny Rehetra: Mandrakizay ny famindrampony.**

**Ny Rehetra: ANDRIAMANITRA Tsitoha ô, misaotra Anao izahay fa Ianao efa namahana anay, ny Tena sy ny Ran'i Jesoa Kristy Tomponay. Atolotray Anao amin'ny alalany ny sainay sy ny fanahinay ary ny tenanay ho fanatitra velona. Iraho amin'ny herin'ny Fanahinao izahay mba hiaina sy hiasa, ho lazanao sy voninahitrao. Amena**

*Na*

**ANDRIAMANITRA Tsitoha sy Mandrakizay ô! misaotra Anao izahay ; izay efa nandray araka izay mety ity Sakramenta Masina ity , fa efa sitrakao ny hamahana anay ny hanim-panahy ; dia ny tenan'i Jesoa Kristy zanakao Mpamonjy anay sy ny Rany soa indrindra ; ka mampahatoky anay amin'izany ny fitiavanao anay sy ny fahatsaranao lehibe ary ny fanaovanao anay ho sampana velona momba ny Tenan'ny zanakao izay fiombonan'ny mino sy ho mpandova araka ny fanantenana ny fanjakanao mandrakizay noho ny nijalian'ny Zanakao malala sy ny Nahafatesany Soa indrindra . Ary mangataka aminao amim-panetren-tena izahay Ray any an-danitra ô, hanampy anay amin'ny fahasoavanao mba haharetanay amin'izany fiombonana masina izany, ka hahefanay izay asa tsara rehetra nokasainao hataonay, amin'ny alalan'i Jesoa Kristy Tomponay , izay omem-boninahitra sy laza miaraka Aminao sy ny Fanahy Masina mandrakizay mandrakizay . Amena**

**35. TSO-DRANO**

Eveka/Presbytera: Homba anareo anie ny Tompo

**Ny Rehetra: Ary homba ny Fanahinao**

Eveka/Presbytera: Ny fiadanan'Andriamanitra izay mihoatra noho ny fahalalana rehetra, hiaro ny fonareo sy ny hevitrareo anie ao amin'ny fahendrena sy fitiavana an'Andriamanitra sy Jesoa Kristy Tompontsika. (Fil.4,7)



*Or*

O Lord, may Your Body and Blood abide in our hearts. We have been strengthened by Your Holy Sacraments; may no stain of sin remain in us.

*And*

Thank the Lord for He is good.

**All: His mercy endures forever.**

**All: Almighty GOD, we thank you that you have fed us with the Body and Blood of our Lord Jesus Christ. Through Him we offer you our mind, our soul, and our body as a living sacrifice. Send us by the power of your Spirit to live and work for your name and glory. Amen**

*Or*

**Almighty and eternal God, we who have received this Holy Sacrament, thank thee, that thou hast been pleased to feed us with spiritual food; namely, the Body of thy Son, our Saviour, Jesus Christ, and His most precious Blood; and in this thy love and great goodness assure us, that thou hast made us living branches of the Body of thy Son, the communion of believers, and heirs according to the hope of thine eternal kingdom, through the Passion and Most Holy Death of thy beloved Son. And we humbly beseech thee, O Heavenly Father, to help us by thy grace to endure in this holy communion, and to accomplish every good work thou hast ordained for us, through Jesus Christ our Lord, to whom be glory and honor with thee and the Holy Spirit for ever and ever. Amen.**

**35. BLESSING**

Bishop/Priest: May the Lord be with you.

**All: And also with you**

Bishop/Priest: May the peace of God, which surpasses all understanding, guard your hearts and minds in the wisdom and love of God and of Christ Jesus our Lord. (Phil. 4:7)

*Na*

Hampamirapiratra ny tavany aminareo anie ny Tompo ka hamindra fo aminareo; hanandratra ny tavany aminareo anie ny Tompo ka hanome anareo ny fiadanana. (Nom.6,24)

*Sy*

ARY ny fitahian'Andriamanitra Tsitoha, Ray sy Zanaka ary ny Fanahy Masina , ho aminareo anie, ary hitoetra aminareo mandrakariva.

**Ny Rehetra: Amena.**

**36. FANIRAHANA**

a) Ministera: Mandehana amin'ny fiadanana ary manompoa ny Tompo.

**Ny Rehetra: Amin'ny anaran'i Kristy. Amen**

*Na*

*b)* Ministera: Koa mandehana ianareo ataovy mpianatra ny firenena rehetra *(Mat. 28, 19-20)*
**Ny Rehetra: Inty aho, iraho aho.**

*Na*

*c)* Ministera: Mandehana any amin'izao tontolo izao ianareo ka mitoria ny Filazantsara amin'ny olombelona rehetra. ***(****Marka 16, 15)*

**Ny Rehetra: Andao isika hitombo, handroso ao amin'i Kristy.**

*(Azo ampiasaina ireto teny manaraka ireto)*

*(Amin'ny PASKA)*

d) Ministera: Efa nitsangana Izy. Haleloia! Haleloia! Haleloia!

**Ny Rehetra: Efa nitsangana marina tokoa ny Tompo. Haleloia! Haleloia! Haleloia!**

*Na*

e) Ministera: Velona ny Tompo! Haleloia! Haleloia! Haleloia!



*Or*

The Lord make his face shine upon you, and be gracious unto you; the Lord lift up his countenance upon you, and give you peace. (Num. 6:24)

*And*

And the blessing of Almighty God, Father, Son, and Holy Spirit, be with you, and remain with you always.

**All: Amen.**

**36. DISMISSAL**

a) Minister: Go in peace to serve the Lord.

**All: In the name of Christ. Amen.**

*Or*

*b)* Minister: Go therefore and make disciples of all nations (Matt. 28:19-20)
**All: Here I am, send me.**

*Or*

**c)** Minister: Go into all the world and preach the Gospel to every creature. (Mark 16:15)

**All: Let us grow, let us progress in Christ.**

*(The following words may be used)*

*(At EASTER)*

d) Minister: The Lord is risen! Hallelujah! Hallelujah! Hallelujah!

**All: He is risen indeed. Hallelujah! Hallelujah! Hallelujah!**

*Or*

e) Minister: The Lord lives! Hallelujah! Hallelujah! Hallelujah!

**Ny Rehetra: Velona marina tokoa Izy Haleloia! Haleloia! Haleloia!**

*(Amin'ny Krismasy)*

f) Eveka/Presbytera: Mpamonjy no teraka ho antsika Haleloia! Haleloia! Haleloia

**Ny Rehetra: Amintsika Andriamanitra Haleloia! Haleloia! Haleloia!**

*Na*

g) Eveka/Presbytera: Zaza no teraka ho antsika. Haleloia! Haleloia! Haleloia!

**Ny Rehetra: Zazalahy no nomeny antsika. Haleloia! Haleloia! Haleloia!**

*(Amin'ny Pentekosta)*

h) Eveka/Presbytera: Raiso ny Fanahy Masina

**Ny Rehetra: Isaorana anie ny Tompo**

*Na*

i) Eveka/Presbytera: Hoy ny Tompo, «Handrotsaka ny Fanahiko amin'ny nofo rehetra Aho »

**Ny Rehetra: Aoka anie ho tonga aminay araka ny Teninao**

**37. FILAZAN-DRAHARAHA**

**38. HIRA FAMARANANA**



**All: He is truly alive Hallelujah! Hallelujah! Hallelujah!**

*(At Christmas)*

f) Bishop/Priest: A Savior is born for us Hallelujah! Hallelujah! Hallelujah

**All: God is with us Hallelujah! Hallelujah! Hallelujah!**

*Or*

g) Bishop/Priest: A child is born to us. Hallelujah! Hallelujah! Hallelujah!

**All: A son is given to us! Hallelujah! Hallelujah! Hallelujah!**

*(At Pentecost)*

h) Bishop/Priest: Receive the Holy Spirit

**All: Thank you Lord.**

*Or*

i) Bishop/Priest: The Lord said, "I will pour out my Spirit on all flesh."

**All: May it come to us according to Your Word.**

**37. NOTICES / ANNOUNCEMENTS**

**38. RECESSIONAL HYMN**